Délégation de l'Union européenne auprès de la République de Madagascar et de l'Union des Comores

British Embassy Antananarivo

United States Embassy Antananarivo

Ambassade de la République fédérale d'Allemagne Antananarivo

AMBASSADE DE FRANCE À MADAGASCAR
Liberté Égalité Fraternité

Schweizerische Eidgenossenschaft
Confédération suisse
Confederazione Svizzera
Confederaziun svizra
Ambassade de Suisse pour Madagascar, les Comores et les Seychelles

AMBASSADE DU JAPON A MADAGASCAR

Ambassade de Norvège
Bureau de l'Ambassade Royale de Norvège à Antananarivo

## FANAMBARANA

Maneho ny ahiahiny mahakasika ilay fanambarana nataon'Andriamatoa Tokely Justin, minisitry ny Atitany sy Fitsinjaram-pahefana tamin'ny 31 Marsa teo, izay mametra ny hetsika politika na famoriam-bahoaka atao anaty toerana mifefy, ataon'ny hery hafa ankoatran'ny mpitondra fanjakana, ireo masoivoho vahiny izay manao sonia etsy ambany.

Iray amin'ireo fototra iorenan'ny demokrasia ny fahafahana maneho hevitra an-kalalahana, izay voarakitra ao anatin'ny lalàm-panorenan'i Madagasikara tamin'ny 2010.

Nankatoavin'i Madagasikara ny Fifanarahana iraisampirenena momba ireo zo sivily sy politika tamin'ny taona 1971. Ny andininy faha-21 amin'io fifanarahana io dia mametraka ny fanekena sy fanamoràna ny zo hivory am-pilaminana hampiroborobona ny zo sivily sy politika amin'ny ankapobeny.

Na dia marina aza fa ilaina ny fitandroana ny filaminana dia tokony ho voalanjalanja ny fandrindrana azy ary tsy asiana fanavakavahana, araka ny rafitra momba ny zon'olombelona ao amin'ny Firenena Mikambana.

Ny fenitra iraisam-pirenena mahakasika ny zon'olombelona dia tsy manisy fanavahana manokana na mialoha na mandritran'ny fifidianana, fa tokony mety foana rehefa mifanaraka amin'ny tombontsoan'ny olona sy ireo fikambananan'ireo antoko politika, mba hiantohana ny fampandehanana araka ny tokony ho izy ny demokrasia.

Maneho ny ahiahiny ireo masoivoho noho izany, amin'izay mety ho fiantraikan'io fanapahan-kevitra noraisina io. Mety hampihenjana ny rivo-politika eto Madagasikara io amin'izao ankatoky ny fifidianana izao, kanefa tokony hisy aza ny fifampitokisana eo amin'ny mpandray anjara rehetra, araka izay novoizina nandritra ny fivoriana nokarakarain'ny CENI tamin'ny 24 martsa lasa teo. Ny fanantenan'ireo masoivoho, amin'ny maha namana sy mpiara-miombon'antoka amin'i Madagasikra dia ny hahita fifdianana mangarahara, azo antoka, malalaka, ary milamina amin'ity taona ity.

**Ny manao sonia :**

Delegasion'ny Vondrona Eoropeana
Masoivoho Alemana
Masoivoho Amerikana
Masoivoho Frantsay
Masoivoho Japoney
Masoivoho Britanika
Masoivoho Soisa
Biraon'ny Masoivoho Norveziana